




# TAFATAFA

GAZETIN'IREO IVOTOERAM-PANOFANANAN'NY MINISTERA EO ANIVON'NY FIADIDIAN' NY REPOBLIKA MISAHANA NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA  
Bulletin semestriel d'information et de liaison de la Direction de la Formation Agricole et Rurale

*«Tanora Antoky ny Fampandrosoana eny Ambanivohitra...»*



## HAFATRA

### ANDRIAMATOA MINISITRA Rivo RAKOTOVAO :

« Anisan' ny fanoitra lehibe  
ahatrarana ny vina napetraky  
ny Ministera ny FANOFANANA »

## CEFAR

Faites connaissance avec...

## TAFATAFA

Francine RASOLOFONIRINA :  
Directeur de la Formation Agricole et Rurale



# SOMMAIRE

## HISTORIQUE DE LA FAR



» P. 5

## FAITES CONNAISSANCE AVEC LES CEFAR DU MPAE



» P. 6 - 7 - 8

## ACTUS SUR LA FAR



» P. 14 - 15 - 16 - 17 - 18 - 19 - 20

## 03 HAFATRA

Anisan'ny fanoitra lehibe ahatarana ny Vina napetraky ny Minisitera ny "FANOFANANA"

## 04 EDITORIAL

Taridresaka

## 09 TAFATAFA

Vers une "Rénovation" de la Formation Agricole et Rurale

## 10 RENOVATION

Fanavaozana ny rafi-panofanana APC

## 11 ENIFAR

Equipe Nationale d'Ingénierie de Formation Agricole et Rurale

## 12 INSERTION INSTALLATION

Tantsoroka ho an'ny tanora nahavita fiofanana ka hisehatra amin'ny asam-pamokarana eny ambanivohitra

## 13 TEMOIGNAGE

Motivation des jeunes des localités enclavées de Besalampy à la Formation

## 20 - 21 Divertissement

Angano, Angano  
Mots croisés



# HAFATRA



Fanamby lehibe no apetratsika hialana amin'ny fahantrana eny amin'ny tontolo Ambanivohitra .

**N**y Vina apetraky ny Ministera eo ambany fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy Fiompiana, izay tarihiko, manoloana izany dia ny fampitodihana ny famokarana amin'ny Tsena : « *Mivarotra aloha vao mamokatra* ». Ny fampiakarana ny taham-pamokarana no tetik'ady afahana miatrika ny fifaninanana lehibe misy eo amin'ny tsena , na tsena anatin'ny izany na ivelany.

Zava-dehibe ao anatin'izany Vina izany ny fanajana sy ny fanarahana ireo fenitra rehetra takian'ny tsena, ka hatrany amin'ny famokarana dia efa atomboka sy ampiharina izany fenitra izany.

Anisan'ny fanoitra lehibe ahatrarana ireo Vina napetraka ireo **ny Fanofanana**. Lehibe indrindra amin'izany ny fandraisana an-tanana ny fanofanana **ny Tanora** satria izy ireo no haren'ny firenena Malagasy, andrainaina noho ny hamaroany, antenaina amin'ny fitondrana ny fanavaozana sy ny fanatsarana ireo seha-pamokarana. Izy ireo no afaka hampiangpita haingana ny fivoarana satria sady mbola mavitrika ara-batana no kinga ara-tsaina. Hatao laharam-pahamehana ny fijerena ireo tanora any amin'ireo faritra mitoka-monina.

Tsy latsa-danja noho izany anefa ny fanofanana ireo mpamokatra efa amperin'asa. Mila hamafisina hatrany ny ezaka efa natao hatramin'izay, na ny avy amin'ny Fanjakana izany, na ny avy amin'ireo mpisehatra tsy miankina isan-tsokajiny. Mila fifandrimbonana ny asa fa indrindra mila fandrindrana mba hahitam-pahombiazana, satria tsy vitan'ireny raha ny hadirin'ny fanamby no jerena .

Ny fifandrindrana, ny fifampiresahana, ny fifamenoana eo amin'ny samy mpisehatra no hahatongavana haingana amin'ny tanjona dia ny fahavitan- tena ara-tsakafo mba hialana amin'ny fahantrana.

Ilaina fandaminana ny fanatanterahana ny asam-panofanana manoloana ny hamaroana sy ny fahasamihafan'ny mpisehatra, eo ihany koa ny fahasamihafan'ny fomba enti-manatanteraka ny fiofanana (fandaharam-piofanana, votoatin'ny fiofanana, ny fomba enti-manofanana, ny lentan'ny mpampiofana,...), mba hirindra tsara sy hahitam-pahombiazana ny ezaka ataon'ny tsirairay. Iray ihany ny tanjona kendrena ary IRAY ihany koa ny iantefan'ny asa dia ireo Mpamokatra eny amin'ny tontolo Ambanivohitra : ny mpamboly, ny mpiompy, ny mpanjono, ...

*Mirary soa ho an'ny Gazety Tafa ny tenako.*

**Rivo RAKOTOVAO**

*Minisitra eo anivon'ny fiadidiana ny Repoblika misahana  
ny Fambolena sy Fiompiana*

# TARIDRESAKA



## TAFE

Tonga soa ianao ry TAFE rehefa tsy hita ela be.

Aman-taonany mihitsy, fa dia taiza loatra re !

Faly aho fa tonga ianao e ! Etsy horohako, hofihiniko

Ampy izay ny fisarahana, fa ny ho avy no banjiniko.

## ...tonga soa ny Gazety TAFE

**M**iaraha ba ny Gazety TAFE tonga soa. Tafaverina indray raha ny tena marina rehefa tsy hita nandritry ny 15 taona na mety ho mahery kely noho izay aza.

Nanana ny toerany teo amin'ny fampahalalam-baovao mifandray amin'ireo ireo fanofanana ara-teknika natao teo amin'ireo rafi-panofanana nisy teto amin'ny Ministeran'ny Fambolena tamin'ny taona 90 ny Gazety TAFE (CAF, EASTA, ..). Ary tsy ny fampahalalam-baovao momba ireo asa fanofanana ihany fa sehatra iray nifanakalozana traikefa teknika tamin'ny lafiny famokarana (fambolena-fiompiana) sy traikefa hafa amin'ny fampandrosoana amin'ny ankapobeny (fitantanana, sns).

Ao anatin'ny fandaharan'asan'ny Ministera eo anivon'ny fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana ny mametraka ireo fitaovana ifandraisana toy ny Gazety entina mifandray sy mifanakalo vaovao amin'ireo Mpisehatra rehetra eo amin'ny

lafiny fanofanana ara-pamokarana sy asa eny amin'ny tontolo ambanivohitra.

## ....fa Gazety TAFE amin'ny endriny HAFE

Fanavaozana ho amin'ny fahombiazana no tanjona ka ilaina ny fametrahana ny fitaovam-pifandraisana hanampy amin'ny fantanterahana an'izany.

Mihazakazaka ny fandrosoana ary an'isany izany ny fandrosoan'ny teknolojia momba ny fifandraisana. Tsy maintsy hanaraka izany ny Gazety TAFE ary hijery ny fomba mahomby ahafahana manapariaka araka izay azo atao ireo vaovao sy ireo antontan-kevitra hitondra fampandrosoana ireo rafi-panofanana eo anivon'ny MPAE izay hanana fiantraikany mivantana amin'ny fampandrosoana ny famokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra.

Maro ny zava-bita saingy mbolabetsaka ny miandry ka anisan'izany ny fanofanana ireo Tanora ho Mpihary na ho Mpan-draharaha eo amin'ny famokarana (Exploitant na Entrepreneur agricole), ny fanofanana ireo Teknisiana mahasahana ny teknika maro lafy eny ambanivohitra, ny fanofanana ireo ho Mpanofana, ny fanohanana ireo rafi-panofanana miankina

na tsy miankina amin'ny Fanjakana, ny fanohizana ny fametrahana lasipiofanana ho an'ny asa sy lasi-panofanana enti-mamokatra, sns.

Ho hitantsika ato amin'ny Gazety TAFE ireo rehetra ireo miampy ireo fifanakalozana traikefa ara-teknika, ny haitao ara-pambolena, ny kilalaon-tsaina sy fialamboly isan-karazany, ny paikady madinidinika ilaina amin'ny fiainana andavanandro, sns.

## .....ary hametraka ny TANORA ho antoky ny fampandrosoana eny ambanivohitra.

Hanana ny toerany manokana ato amin'ny Gazety TAFE ny mikasika ny tanora eo amin'ny lafiny fanofanana, ny asa miandry azy ireo sy ny fanohanana azy ireo amin'ny fananterahana ireo tetikasany ao aorian'ny fanofanana.

Izay tsy mandroso hono dia naman'ny mihemotra ka mazotoa manaraka sy manohana ara-kevitra ity Gazetintsika ity.

*Na\_Be*



# HISTORIQUE DE LA FORMATION AGRICOLE ET RURALE A MADAGASCAR

**C'**est en 1903, à la station de Nanisana, que débuta l'enseignement agricole par la création d'une école d'agriculture et de sériciculture pour former des cultivateurs et des jardiniers.

En 1915, la station de Nanisana ouvrit une école pour les moniteurs d'Agriculture dans le cadre du Service de l'Agriculture. Quelques années après, le niveau d'enseignement de cette école fut relevé pour assurer la formation de contremaître en Agriculture.

En 1920, furent créées à Ambatondrazaka, Antsirabe, Fianarantsoa et à Marovoay des Écoles de dressage de boeufs dans le but de céder aux agriculteurs des animaux pour le labour attelé.

Les Services de l'Élevage de leur côté, se préoccupèrent de la formation des cadres ; par l'Arrêté du 26 décembre 1926, l'École d'auxiliaire vétérinaires était fondée. Elle assurait en deux ans, la formation d'Agent Vétérinaire ayant le niveau du C.E.S.D.

En 1926, eu lieu la première réorganisation de l'enseignement Agricole à Madagascar, et la création des écoles Agricoles à Ivoloina, Antsirabe et Nanisana. Chaque école comprend deux sections :

- Formation d'ouvriers agricoles
- Formation de contremaître de culture

En 1931 fut créée l'École d'Aides-Vétérinaires qui assurait en quatre ans le perfectionnement des auxiliaires vétérinaires.

Cette école n'a fonctionné que jusqu'en 1956 car elle a

été remplacée par l'école des moniteurs et d'assistant d'élevage. A cette date, la formation des agents de l'élevage connaît une nouvelle organisation et comprend deux échelons :

- ✓ L'École d' Assistants d' Elevage recrute des jeunes gens du BE ou du BEPC qui après deux ans d'études, entrent dans le cadre C de la fonction publique.
- ✓ L'École des moniteurs d'Élevage recrute les gens du CEPE qui, à l'issue d'une année de formation, appartiennent au cadre C.

En 1942 a eu lieu la deuxième réorganisation de l'enseignement agricole à Madagascar. L'enseignement est donné dans les écoles d'agriculture et des "écoles fermes". Les écoles avaient pour but de donner aux élèves un enseignement agricole suffisant pour leur permettre d'accéder aux carrières agricoles soit dans l'Administration soit dans les entreprises privées. Les élèves ayant satisfaits aux formations (trois ans d'études) reçoivent le "diplôme des écoles d'agriculture de Madagascar et Dépendances."

Dans les "écoles fermes" la formation s'adressait aux fils de producteurs qui voulaient rester fidèle à la terre en apportant à l'exploitation de leur domaine familiale les améliorations dans les techniques Agricoles. La formation (deux ans d'études) est sanctionnée par un certificat de stage à "l'école ferme".

En 1943 fut créée une école forestière locale à Angavokely Manjakandriana dans le but d'assurer la formation professionnelle des agents de

cadre spécial des eaux et forêts.

En 1950, pour répondre aux besoins des techniciens supérieurs, l'École Supérieure de Techniciens d' Agriculture de Madagascar (E.S.A.M).

L'ESAM formait, pour les exploitations agricoles des diverses régions de l'île, des chefs d'entreprise et des agents techniques spécialisés. Les diplômés délivrés à la fin des trois années de formation sont, soit le **diplôme d'Ingénieur** de l'ESAM, soit le **diplôme de l'école** ESAM, soit le **certificat d'études** de l'ESAM. Le niveau de pré-requis de l'ESAM est le baccalauréat technique ou moderne (première partie) ou le brevet supérieur.

En 1954, constatant qu'il n'existe pas de formation agricole de second degré, l'ESAM a été transformée en collège d'agriculture de Madagascar. Ce collège a été organisé sur le modèle des écoles régionales d'agriculture métropolitaines, et formait en trois ans : des cadres de maîtrise, des techniciens et des praticiens, des chefs de moyenne et grandes exploitations agricoles, des agents pour les organismes agricoles et des candidats aux emplois de conducteurs du service de l'agriculture.

L'admission se fait par voie de concours pour les élèves du niveau de la classe de 4e et 3e de l'enseignement générale.

A la fin de la scolarité, le diplôme délivré est le **diplôme du Collège d'Agriculture de Madagascar**.

*A suivre...*

◊ *Article recueilli par Denis Ernest*

# Faites connaissance avec l'appareil...

Le Ministère auprès de la Présidence en charge de l'Agriculture et de l'Élevage dispose sous sa tutelle un appareil de Formation Agricole et Rurale composé actuellement de :

- **Six (06)** Ecoles d'Application des Sciences et Techniques Agricoles (EASTA), implantées dans les six ex-provinces de Madagascar.
- **Cinq (05)** Centres d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole (CAFFPA) implantés dans les régions : Alaotra Mangoro, Analamanga, Atsinanana, Melaky, et Vakinankaratra. *Un projet d'ouverture de nouveaux CAFFPA dans les régions de Haute Matsiatra et Diana est en cours .*
- **Un (01)** Centre de Formation et d'Appui en Machinisme Agricole (CFAMA) implanté à Antsirabe, Région Vakinankaratra.
- **Un (01)** Centre National de l'Eau, de l'Assainissement et du Génie Rural (CNEAGR), implanté à Antananarivo, Région Analamanga.

## Le CFAMA

Le CFAMA, un centre spécialisé en Machinisme Agricole, a pour mission d'assurer une formation professionnelle initiale de jeunes futurs **Techniciens Supérieurs en Machinisme Agricole** et une formation professionnelle qualifiante aux métiers : **Mécanicien Agricole** et **Conducteur Dépanneur de tracteur**. Des formations courtes à la demande des artisans peuvent être organisées soit in situ soit au centre.

La formation professionnelle initiale de techniciens supérieurs en Machinisme Agricole s'adresse à des titulaires du Baccalauréat ou sortant des EASTA. La durée de la Formation est respectivement de deux (02) ans pour le **Brevet de Technicien Supérieur (BTS)** et de trois ans pour la **Licence Professionnelle (Licence Pro)**.

Le diplôme d'Ingénieur en Mécanisation Agricole de grade Master a été lancé officiellement en 2016.



CFAMA Antsirabe

## Le CNEAGR

Le CNEAGR est unique à Madagascar dans la formation dans ces trois domaines. Il dispense des formations en vue d'obtenir (1) le diplôme de **Technicien Supérieur (TS)** après deux ans de formation et (2) de la **Licence Professionnelle en Gestion des Eaux Urbaines et Rurales (LPGEUR)**.

L'admission à la formation se fait par voie de concours.

Les objectifs sont la suivante :

- Pour le diplôme de TS

Fournir au secteur et aux collectivités décentralisées, Projets, ONG, BE et PME des cadres intermédiaires, des encadreurs, formateurs, animateurs capables de gérer un projet d'aménagement rural et urbain.

Former des cadres techniques de proximité et des cadres moyens immédiatement opérationnels et indépendants.

- Pour le diplôme de LPGEUR

Fournir un Assistant Ingénieur de Chargé d'étude, un Responsable de service.

Former un responsable de Maîtrise et de Gestion d'ouvrages.



CNEAGR Nanisana

# de formation du MPAE

## Les EASTA

Les EASTA ont pour mission d'assurer une formation initiale, à vocation professionnelle, de jeunes futurs techniciens Agricoles de niveau intermédiaire. La formation dure trois ans, sanctionnée par le **Diplôme de Technicien Agricole (DTA)**, un diplôme du Ministère auprès de la Présidence en charge de l'Agriculture et de l'Elevage. La formation s'adresse aux jeunes de 18 à 23 ans, titulaires du diplôme de BEPC.

Le régime de la formation est l'internat.

Dans le cadre de la réorientation de l'appareil de formation du MPAE, en lien avec la Stratégie Nationale de FAR, les EASTA vont évoluer vers une formation professionnelle initiale de **Technicien Agricole Généraliste** qui sera sanctionné par un diplôme national.



**EASTA Ambatobe**

## LES CAFPA

Les Centres d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole ou CAFPA ont pour missions de fournir des appuis et services, d'offrir une formation professionnelle continue à la demande des Producteurs, et d'assurer une formation professionnelle initiale des jeunes aux métiers Exploitant et Entrepreneur Agricole.

La formation professionnelle initiale dans les CAFPA s'adresse aux jeunes de 18 à 25 ans, ayant le niveau de la classe de troisième de l'enseignement général, intéressés à s'installer à leur propre compte.


La durée de la formation est de trois (03) ans, organisée en deux (02) niveaux successifs:



**CAFPA Brickaville**



**CAFPA Andrarangy**



**EASTA Analamalotra**

- Niveau I : d'une durée de deux (02) ans sanctionnée par un diplôme national, « le **Certificat Professionnel en Exploitation Agricole (CPEA)** », visant le métier Exploitant Agricole.

- Niveau II : d'une durée de trois (03) ans (CPEA + 1 ans) sanctionnée par un diplôme national « le **Brevet d'Etudes Professionnel en Exploitation et Entrepreneuriat et Agricole (BEP-EEA)** », visant le métier Exploitant-Entrepreneur Agricole.

Le régime de la formation pour les deux niveaux est l'internat.



**EASTA PRO Bezaha**



**CAFPA Ambohitsilaozana**



# Faites connaissance avec la Rénovation

La Rénovation du Dispositif National de Formation Agricole et Rurale engagée par le Gouvernement Malagasy, est cadrée par la Stratégie Nationale de Formation Agricole et Rurale (SNFAR), adoptée en 2012. En lien à cette rénovation nationale, le Ministère auprès de la Présidence en charge de l'Agriculture et de l'Élevage, s'est engagé lui aussi, dans la réorientation et la réorganisation de son appareil de formation. Il s'agit :

- D'établir une articulation et une continuité de la formation Professionnelle Agricole de la base (CAFPA) à la formation supérieure spécialisée (CFAMA et CNEAGR) en passant par les EASTA.

- De rénover les textes juridiques portant statut de ces centres et établissements de formation qui ne sont plus conformes à la législation en vigueur et ne sont plus adaptés aux besoins actuels de la FAR.

A cet effet, les Centres d'Appui Formation (CAF) ont changé de statut et sont devenus des Etablissements Publics à caractère Administratif (EPA) avec une nouvelle dénomination : « Centres d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole ou CAFPA ».

Les diplômes CPEA et BEP-EEA, dans les CAFPA, sont des nouveaux diplômes créés, premiers résultats de la rénovation du dispositif national de FAR engagée à Madagascar depuis 2012.

Pour le cas des EASTA, il est aussi prévu une réforme statutaire et organisationnelle, en cohérence avec la rénovation du diplôme de Technicien Agricole Généraliste en cours.

Cette rénovation dans les EASTA s'est basée sur les demandes au niveau du terrain et en cohérence avec les orientations de la SNFAR : « Renforcer les effectifs

de techniciens de terrain correspondant à une formation technique polyvalente (agriculture, élevage, pêche et forêts) pour les candidats aux métiers de vulgarisateur, de techniciens dans les OPA, de responsable d'exploitation dans les entreprises privées ».

**A suivre ...**



**EASTA Analamalotra**



**EASTA PRO Ambanja**



**CAFPA ANTSIRABE**



**EASTA Amborovy**



**CAFPA Andranovaky**

♦ Pages réalisées par l'équipe DFAR



## Francine RASOLOFONIRINA, Directeur de la Formation Agricole et Rurale

"Former une nouvelle génération d'Exploitants et de Techniciens Agricoles capables de faire face aux défis actuels et futurs du secteur Agricole et Rural à travers des dispositifs de formation agricole et rurale renouvelés."

### Bulletin TAFATAFA : Quel est le principal défi de la FAR à Madagascar ?

**Le Directeur de la Formation Agricole et Rurale :** Le Principal défi pour Madagascar est de pouvoir insérer un nombre croissant de jeunes, annuellement, dans la vie active professionnelle. Plus de 300 000 jeunes, sans qualification professionnelle, arrivent chaque année sur le marché de travail. Ce nombre pourrait atteindre plus de 700 000 en 2040. Ce qui suppose une formation spécifique et une prise en main de l'éducation et de la formation rurale.

### BT : Face à ce défi, quelles sont les actions prioritaires menées par le Gouvernement Malagasy ?

**DFAR :** Il faut notamment préparer, à travers des dispositifs de formation harmonisés, une nouvelle génération d'Exploitants et de Techniciens Agricoles capables de faire face :

- aux défis technico économique du secteur Agricole : nécessité de produire différemment en fonction des besoins du marché, avec des disciplines de qualité ;
- aux défis de l'environnement et du changement climatique : Madagascar connaît une dynamique démographique remarquable ayant des conséquences multiples, notamment au niveau du secteur Agricole. A cet accroissement démographique correspond une forte montée des densités de la population, derrière laquelle se profilent les problèmes d'occupation des sols et de protection des ressources naturelles. L'effet du changement climatique obligera les Exploitants Agricoles à de grands efforts de changement de comportement et d'adaptation.

### BT : Concrètement qu'est-ce que vous entendez par dispositifs de formation Harmonisés ?

**DFAR :** Il s'agit de rénover le dispositif national de formation Agricole et rurale en mettant en place les normes et qualité des formations. Le principe retenu dans cette rénovation est l'instauration de la démarche qualité et l'unicité de la formation au niveau national, autour de plusieurs points de référence:

- La garantie d'un niveau de formation identique sur le territoire national à travers des référentiels de métiers reconnus ;
- Une démarche harmonisée d'Ingénierie de formation et de certification (MEETFP, MPAE et autres

Ministères);

- Une formation diplômante sur les standards des diplômes malgaches ;
- Des formations qui s'inscrivent dans un cursus permettant une poursuite de parcours scolaire (passerelle) ;
- Des contenus de formation professionnelle tenant compte des spécificités locales et régionales.

### BT : Comment cette rénovation est – elle déclinée au niveau du dispositif de formation du MPAE ?

**DFAR :** Mettre l'accent sur la réorientation et l'évolution des centres et établissements de formation du MPAE en se basant sur la mise aux normes et qualité des formations dispensées et sur le respect des cadres réglementaires en vigueur. Les CAFPA du MPAE, depuis la rentrée scolaire 2015 – 2016, ont mis en application les deux nouveaux référentiels nationaux de diplômes aux métiers Exploitant et Entrepreneur Agricoles, qui ont été sortis en 2015 dans le cadre de cette rénovation nationale.

Envisager une harmonisation des formations continues pour les producteurs en activités menées par les différents organismes d'appui et projet/programme intervenant dans le secteur Agricole et Rurale.

Développer un mécanisme d'orientation et d'appui à l'installation et l'insertion des jeunes formés au niveau des centres et établissements.

### BT : Conclusion...

**DFAR :** En effet, l'histoire de la rénovation du dispositif FAR à Madagascar a commencé depuis longtemps avec quatre phases depuis l'indépendance du pays, comme il a été indiqué dans l'historique de la Formation Agricole et rurale. Celle-ci a constitué une préoccupation constante pour Madagascar mais les efforts ont été insuffisants. Les problématiques et les bilans de la FAR durant ces quatre phases restaient très proches voire même les mêmes, mais ce sont les enjeux qui sont amplifiés... Cela est notamment dû aux faits qu'il n'y avait pas eu de prise de position concrète pour la mise en œuvre de la rénovation de la part de l'Etat. Actuellement, avec la volonté et les efforts du gouvernement à développer le secteur Agricole et Rural, la FAR doit reprendre la place qui lui revient dans le développement de notre pays.

# FANAFAOZANA

**N**y fampivoarana ny fanofanana ara-pambolena sy ara-pamokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra dia isan'ny singa iray ahafahana mampiakatra taham-bokatra. Nanomboka ny taona 2012, ny Ministeran'ny fambolena sy ny fiompiana niaraka tamin'ireo Ministera tekhnika voakasiky ny fanofanana eny amin'ny tontolo ambanivohitra dia niroso tamin'izany fampivoarana ny fanofanana ara-pamokarana eny @ tontolo ambanivohitra izany. Ny tena dingana lehibe tao anatin'izay dia ny fandrafetana lasi-panofanana nasionaly vaovao «*Référentiel national de diplôme*» mba hampitovizana lenta ny fampiofanana eny anivon'ireo ivotoeram-panofanana ara-pamokarana manerana ny nosy. Ny fomba nentina nandrafitra ireo dia ny «*Approche Par les Compétences* na APC », raha hadika tsotra dia hoe fanofanana

miompana betsaka amin'ny fahaizana mampihatra ny fahalalana eo amin'ny fanatanterahana ny asa. Izany hoe tsy mihonona fotsiny amin'ny fahaizana ny lesona mandritra ny fiofanana fa ny fahaizana manao no zava-dehibe indrindra.

Ny lasi-panofanana nanombohana izany dia ny an'ny «*Mpamokatra* » (Exploitant Agricole). Ny tanjona dia ny fanomezan-danja ny asan'ny mpamboly, mpiompy, mpanjono, mpitrandraka ala, mpanao asatànana. Ny fijerintsika hatramin'izay, izay tokony hovana manomboka hatreto, dia ny hoe : "ny mpamboly dia olona tsy nandia fianarana". Izay indrindra no antony nahatonga ny Ministera misahana ny fambolena sy ny fiompiana hanokatra fiofanana hamolavolana mpamokatra matihanina sy ho mpandraharaha. Tamin'ny taona 2015 no voasoratra io lasi-panofanana vaovao io, ary ivotoeram-panofanana miankina @ fanjakana miisa 5 (CAFPA) sy tsy miankina miisa 2 (CRFPA Ilofosana sy Ferme Ecole Tombotsoa)

ankehitryny no mampihatra io lasi-panofanana vaovao io.

Nanomboka ny volana jiona ny taona 2016 dia niroso tamin'ny fandrafetana ny lasi-panofanana ho an'ny teknisiana ny Ministera sy ny ireo mpiara-miombonantoka aminy, araka ny torolanan'ny SNFAR mikasika ny tsy fahampian'ny tekhnisianina ara-pambolena na arak'isa izany na ara-kalitao. Amin'izao fotoana izao dia eo am-panoratana ny votoatin'ny ny programam-pampianarana miaraka amin'ireo mpampiofanana avy any amin'ireo ivotoeram-pampiofanana ara-pamokarana, eny amin'ny tontolo ambanivohitra, miankina sy tsy miankina. Ny volana jolay 2017 no ho hankatoavana eo anivon'ireo mpisehatra io lasi-panofanana io ary ho ampiharina eny anivon'ireo EASTA manomboka ny taom-pianarana 2017-2018.

**Mbola hitohy...**

**EKIPA SDFAR**

## \*NY APPROCHE PAR LES COMPÉTENCES\*

**R**aha ny nahazatra, mandritra ny fanofanana arak'asa dia omena ireo mpiofanana daholo ireo taranja (disciplines na matières) maro samihafa hanatrarana ny fahaizana sy fahalalana takian'ny diplôma na mari-pahaizana omena. Tsy voafaritra mazava ny fifandraisan'ireo taranja ireo

amin'ny fanatanterahana ny asa atolotra. Hany ka rehefa tonga eo amin'ny sehatry ny asa ireo olona nahavita fiofanana, dia sahirana ka mila fotoana ela na voatery manaraka fanampiofanana arak'asa manokana vao mahafehy ny asa mifanandrify amin'ilay mari-pahaizana. Ny APC kosa dia fomba fanofanana ho amin'ny fifehezana asa iray. Noho izany dia tsy mitovy amin'ny teo aloha, fa mikendry ny fanatrarana ireo mari-pifehezan'asa (compétences)

takin'ny asa iray (métier). Eto, dia avy amin'ny fandalinana ilay asa (métier) no hamaritana ireo mari-pifehezan'asa ireo, ary ifidianana ireo taranja (modules de formation) atao mandritry ny fiofanana. Noho izany, ireo olona nofanina tamin'ny fomba APC dia hahomby kokoa : mamokatra avy hatrany izy rehefa tonga eo amin'ny sehatry ny asa, satria mahafehy tsara ilay asa atolotra.

**Mbola Hitohy...**



# ENIFAR

EQUIPE NATIONALE D'INGÉNIERIE DE FORMATION AGRICOLE ET RURALE



Dans le cadre de la mise en œuvre de la Stratégie Nationale de la Formation Agricole et Rurale (SNFAR), une réforme de la formation professionnelle agricole et rurale a été engagée à Madagascar. Elle touche la plupart des éléments constitutifs du dispositif national de formation, dont l'organisation de la formation.

La grande hétérogénéité et la diversité des formations dispensées dans les métiers de la production Agricole incitent à réexaminer en profondeur l'ensemble des contenus de formation à travers l'écriture de nouveaux référentiels ou référentiels rénovés.

Le chantier d'écriture de nouveaux référentiels a nécessité un accompagnement d'une expertise internationale tout au long du processus afin de permettre une montée en compétence des équipes affectées à ce chantier. Le principe général est donc d'alterner des périodes de regroupement/formation à des moments clés du processus et d'assurer un suivi dans les différentes étapes du chantier.

L'objectif final est l'appropriation par les équipes malgaches des méthodes et techniques d'écriture afin de développer une autonomisation progressive.

A cet effet, un projet d'Ingénierie de Formation d'Exploitant Agricole a démarré en juillet 2013 pour finir en décembre 2015. L'accompagnement de l'expertise internationale a permis à l'équipe

Malgache de replacer les éléments abordés dans la perspective du rôle qu'ils auront à jouer à terme dans la tutelle du dispositif national de formation.

Tout au long du processus, le groupe d'écriture du Référentiel National d'Exploitant Agricole s'est stabilisé au nombre de 14 membres. Il est composé de cadres issus des Ministères techniques auxquels se sont ajoutés des formateurs du secteur privé et du secteur public. En juin 2015, à partir de ce groupe, l'Équipe Nationale d'Ingénierie de Formation Agricole et Rurale a été créée et à l'occasion les membres ont reçu une attestation remise par Mr Le Ministre chargé de l'Agriculture lors d'une cérémonie officielle.

Actuellement, selon une compréhension partagée, l'ENIFAR a pour mission principale d'assurer l'Ingénierie de Formation du secteur Développement Rural :

- Ecrire les Référentiels Nationaux de Diplôme aux métiers Agricoles et Ruraux;
- Former les formateurs dans les établissements à l'application des nouveaux Référentiels établis;
- Accompagner les établissements à la mise en œuvre des nouveaux référentiels suivant l'Approche par Compétences (APC);
- Appuyer les établissements à l'organisation et réalisation des évaluations certificatives;

- Apporter un éclairage par rapport à l'alignement et à l'harmonisation du processus de rénovation FAR et aux démarches de la PNEFP;
- Veiller au respect du processus d'Ingénierie pour l'élaboration des référentiels de formation, relatifs aux activités professionnelles du secteur développement Rural;

L'évolution de l'ENIFAR en perspective est de devenir :

- Une équipe de conseillers pédagogiques de Formation Agricole et Rurale pour accompagner les établissements;
- Une équipe d'inspecteurs de la Formation Agricole et Rurale pour garantir une formation de qualité par une évaluation des formateurs et des établissements ;

L'animation et la coordination de l'Équipe sont assurées par la Direction en charge de la Formation Agricole et Rurale du Ministère auprès de la Présidence en charge de l'Agriculture et de l'Elevage.

*A suivre...*

**HRMN**

# TANTSOROKA HO AN' NY TANORA NAHAVITA FIOFANANA KA HISEHATRA AMIN'NY ASAM-PAMOKARANA ENY AMBANIVOHIRA



**T**sapa tokoa ankehitriny fa betsaka ny tanora malagasy nahavita fianarana nefa tsy mahita asa atao na koa miasa ihany fa tsy mifanaraka amin'ny taranja izay niofanany izany asa ataony izany.

Isan'ny antony mahatonga io tranga io ny tsy fifanojoan'ny fianarana noratovin'ny tanora sy ny tolotra misy eny amin'ny tsenan'ny asa. Ny sehatry ny fampiofanana rehetra dia mizaka io olana io (Fampiofanana Ankapobeny, ara-Teknika, ara-pambolena sy famokarana, sns.)

Ny Ministera misahana ny Fambolena sy Fiompiana dia efa namolavolana ny Paikadim-Pirenena mikasika ny Fampiofanana ara-pamokarana eny amin'ny Tontolo Ambanivohitra mba hanatsarana amin'ny lafiny rehetra ireo singa mandrafitra ny fampianarana sy ny fampiofanana. Izany no natao dia ny mba ahazoan'ireo tanora nahavita fianarana miatrik'asa avy hatrany rehefa vita ny fianarany.

Mbola betsaka anefa ireo pitsopitsony takiana raha tiana ny hampaharitra ny asa fiharian'ny tanora iray misehatra amin'ny Famokarana (fambolena, fiompiana, jono, asa tana, sns.).

Raha lazaina amin'ny ambangovangony dia tokony hanana tetikasa matotra mikasika ny fihariana kasainy atao ny tanora iray nahavita

fiofanana. Tsy ho tanteraka anefa izany tetikasa izany raha toa ka tsy misy ireto singa fototra ireto dia ny tany hanatanterahina ny asa, ny vola izay entina hanombohana ny fanodinana ny fandraharahana, ny fitaovana enti-miasa, ny hanampamokarana isankarazany, sns.

Araka izany, na manana ny fahaiza-manao aza ireo tanora nahavita fiofanana nefa tsy feno ireo singa fototra voalaza tetsy ambony dia hiverina ihany ny olan'ny tsy fananana asa sy ny fanaovana asa tsy mifanaraka amin'ny fiofanana natao.

